



Siège national  
47 rue d Clichy  
75311 Paris Cedex 09  
Tél : 01 45 96 03 05

FOTOAM-BAVAKA FPMA  
VEILLEE DE PRIERE FPMA

**NY ZAVA-MIAFINA NY AMIN'I JESOSY (Lio.)**  
**– LE MYSTERE DE JESUS (Luc)**

Alatsinainy 05 ôktôbra 2020  
*Lundi 05 octobre 2020*

**NY FAMPIOMANAN'NY ANJELY MOMBA NY FAHATONGAVAN'I JESOSY (Lio. 1, 1-38)**  
**– LES ANNONCES DES ANGES POUR ANNONCER LA VENUE DE JESUS (Luc 1, 1-38)**

**Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !**

**Tenin'Andriamanitra – Parole de Dieu :** Izaon no ambaran'ny Tenin'Andriamanitra – *Voici ce que déclare la Parole de Dieu :*

Dia hoy i Maria : « Inty ny ankizivavin'ny Tompo : aoka anie ho tonga amiko araka ny Teninao » (Lio. 1, 38) – *Marie dit : « Je suis la servante du Seigneur. Que ta parole s'accomplisse pour moi » (Luc 1, 38).*

**Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY**

**Teny fampidirana – Introduction**

**Hira (Cantique) 512, 1-2 : He, matoky aho Tompo :**

## **FIZARANA 1 – PARTIE 1**

### **Teksta 1 – Texte 1 : Lio. 1, 1-7 :**

1 Satria maro no efa nanoratra nandahatra tantara ny amin'ny zavatra izay efa tanteraka tamintsika tokoa 2 araka izay efa noraisintsika natolotry ny vavolombelona izay sady nahita maso no efa mpitory ny Teny hatramin'ny voalohany, 3 dia sitrako koa, rehefa nofotorako tsara ny zavatra rehetra hatramin'ny niandohany, ny hanoratra izany aminao araka ny filaharany, ry Teofilo tsara indrindra, 4 mba hahafantaranao tsara fa mafy orina ny Teny izay nampianarina anao.

*1 Plusieurs ont entrepris de composer un récit des événements qui se sont accomplis parmi nous, 2 d'après ce que nous ont transmis ceux qui ont été des témoins oculaires dès le commencement et qui sont devenus des serviteurs de la parole. 3 Il m'a donc paru bon, à moi aussi, qui me suis soigneusement informé sur toutes ces choses dès l'origine, de te les exposer par écrit d'une manière suivie, excellent Théophile, 4 afin que tu reconnasses la certitude des enseignements que tu as reçus.*

5 Tamin'ny andron'i Heroda, mpanjakan'i Jodia, nisy mpisorona anankiray atao hoe Zakaria, isan'ny antokon'i Abia ; ary ny vadiny dia avy tamin'ny taranak'i Arona, Elizabeta no anarany. 6 Ary samy marina teo anatrehan'Andriamanitra izy mivady sady nitondra tena tsy nanan-tsiny araka ny Didy sy ny Fitsipika rehetra nomen'ny Tompo. 7 Ary tsy nanan-janaka izy, fa momba Elizabeta ary samy efa antitra izy mivady.

*5 Durant le règne d'Hérode sur la Judée, il y avait un prêtre du nom de Zacharie, de la classe d'Abia. Sa femme était une descendante d'Aaron et s'appelait Elisabeth. 6 Tous deux étaient justes devant Dieu : ils suivaient d'une manière irréprochable tous les commandements et toutes les lois du Seigneur. 7 Ils n'avaient pas d'enfant, parce qu'Elisabeth était stérile, et ils étaient l'un et l'autre d'un âge avancé.*

### **Fanamarihana 1 : – Commentaires 1 : Momba an'i Zakaria sy i Elizabeta – A propos de Zacharie et Elisabeth :**

#### **Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :**

- ho an'ny mana-manjo mba hampiononan'Andriamanitra azy. Tsaroantsika manokana amin'izany ny ankohonana sy ny fianakavian'i Dr Eric Mamy Rakotomalala izay vao nody any amin'ny Ray, mba ho fenoin'ny Tompo ny banga navelany ary mba hampaherezin'ny Tompo amin'ny fanatrehan'izy ireo - *pour les endeuillés afin que le Seigneur les console. Nous portons spécialement en prière la famille du Dr Eric Mamy Rakotomalala qui vient de rejoindre le Seigneur, afin que Dieu comble le vide laissé par la séparation mais aussi qu'Il les reconforte par sa Présence*
- ho an'ireo izay ao anatin'ny adin-tsaina mba hanaikeny ny fitondran'ny Tompo sy ny Sitrapony fa ao amin'izany ihany no hahitany vaha-olana marina sy ny fiadanana – *pour ceux qui croulent sous les problèmes afin qu'ils acceptent la conduite et la Volonté de Dieu pour en retirer solutions à leurs problèmes et paix*

#### **Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY**

#### **Hira (Cantique) 163, 1-3 : He, i Jesosy tokintsika :**

### **FIZARANA 2 – PARTIE 2**

#### **Teksta 2 – Texte 2 : Lio. 1, 8-25 :**

8 Ary nony nanao raharaham-pisoronana teo anatrehan'Andriamanitra Zakaria araka ny fifandimbasan'ny antokony, 9 araka ny fanao amin'ny fisoronana, dia anjarany, araka

ny filokana, ny hiditra ao amin'ny tempolin'ny Tompo ka handoro ditin-kazo manitra. 10 Ary ny vahoaka rehetra nitoetra teo ivelany nivavaka tamin'ny ora fandroana ny ditin-kazo manitra. 11 Ary nisy anjelin'ny Tompo niseho taminy teo an-kavanan'ny alitara fandroana ny ditin-kazo manitra. 12 Ary nony nahita azy i Zakaria, dia taitra loatra izy ka raiki-tahotra. 13 Fa hoy ilay anjely taminy : « Aza matahotra, ry Zakaria, fa efa nohenoina ny fangatahanao, ka Elizabeta vadinao dia hiteraka zazalahy aminao, ary Jaona no hataonao anarany. 14 Ary ho faly sy ho ravoravo ianao, ary maro no hifaly amin'ny hahaterahany. 15 Fa ho lehibe eo anatrehan'ny Tompo izy ary tsy hisotro divay na toaka sady hofenoina ny Fanahy Masina hatrany an-kibon-dreniny aza. 16 Ary maro amin'ny Zanak'Isiraely no hampodiny amin'ny TOMPO Andriamaniny. 17 Ary izy handeha eo alohany amin'ny fanahy sy ny herin'i Elia mba hampody ny fon'ny ray ho amin'ny zanaka, ary ny tsy manoa ho ami'ny fahendren'ny marina, hamboatra firenena voamana ho an'ny Tompo (Mal. 3, 23-24). 18 Ary hoy i Zakaria tamin'ilay anjely : « Inona no hahafantarako izany ? Fa izaho efa antitra ary efa antitra koa ny vadiko ». 19 Ary ilay anjely namaly ka nanao taminy hoe : « Izaho no Gabriela, izay mitsangana eo anatrehan'Andriamanitra. Ary nirahina hiteny aminao aho ka hilaza aminao izany teny mahafaly izany. 20 Koa, indro ho moana ianao ka tsy hahay miteny ambara-pahatongan'ny andro hisehoan'izany zavatra izany, ho valin'ny tsy ninoanao ny teniko, izay ho tanteraka amin'ny fotoany ». 21 Ary ny olona dia niandry an'i Zakaria ka gaga noho izy naharitra ela tao amin'ny tempoly. 22 Kanjo rehefa nivoaka izy, dia tsy nahay niteny taminy. Ary dia fantatry ny olona fa efa nahita fahitana tao amin'ny tempoly izy, ary izy nanao baikon'ny moana taminy, ary dia mbola moana ihany. 23 Ary rehefa tapitra ny andro nanaovany fanompoam-pivavahana, dia lasa nody tany an-tranony izy. 24 Ary taorian'izany andro izany dia nitoe-jaza Elizabeta vadiny, dia niery dimy volana izy ka nanao hoe : 25 « Izaon nataon'ny Tompo tamiko tamin'ny andro izay nitsinjovany haha-afa-tondro-maso ahy amin'ny olona ».

*8 Or, pendant que Zacharie remplissait sa fonction de prêtre devant Dieu - c'était le tour de sa classe - 9 il fut désigné par le sort, d'après la règle en vigueur pour les prêtres, pour entrer dans le temple du Seigneur et y brûler le parfum. 10 Toute la multitude du peuple était dehors en prière, à l'heure de l'offrande du parfum. 11 Alors un ange du Seigneur apparut à Zacharie et se tint debout à droite de l'autel des parfums. 12 Zacharie fut troublé en le voyant et la peur s'empara de lui. 13 Mais l'ange lui dit : « N'aie pas peur, Zacharie, car ta prière a été exaucée. Ta femme Elisabeth te donnera un fils et tu l'appelleras Jean. 14 Il sera pour toi un sujet de joie et d'allégresse et beaucoup se réjouiront de sa naissance, 15 car il sera grand devant le Seigneur. Il ne boira ni vin ni boisson alcoolisée et il sera rempli de l'Esprit saint dès le ventre de sa mère. 16 Il ramènera beaucoup d'Israélites au Seigneur, leur Dieu. 17 Il marchera devant Dieu avec l'esprit et la puissance d'Elie pour ramener le coeur des pères vers leurs enfants et les rebelles à la sagesse des justes, afin de préparer pour le Seigneur un peuple bien disposé ». 18 Zacharie dit à l'ange : « A quoi reconnâtrai-je cela ? En effet, je suis vieux et ma femme est d'un âge avancé ». 19 L'ange lui répondit : « Je suis Gabriel, je me tiens devant Dieu. J'ai été envoyé pour te parler et pour t'annoncer cette bonne nouvelle. 20 Voici, tu seras muet et tu ne pourras plus parler jusqu'au jour où cela arrivera, parce que tu n'as pas cru à mes paroles qui s'accompliront au moment voulu ». 21 Cependant, le peuple attendait Zacharie et s'étonnait qu'il s'attarde si*

*longtemps dans le temple. 22 Quand il sortit, il ne pouvait pas leur parler, et ils comprirent qu'il avait eu une vision dans le temple; il s'exprimait par signes et il resta muet. 23 Lorsque ses jours de service furent terminés, il rentra chez lui. 24 Quelque temps après, sa femme Elisabeth fut enceinte. Elle se cacha pendant cinq mois, disant: 25 «C'est l'oeuvre que le Seigneur a faite quand il a porté le regard sur moi pour enlever ce qui faisait ma honte parmi les hommes ».*

**Fanamarihana 2 : – Commentaires 2 : Filazana ny hahaterahan'i Jaona mpanao batisa - annonce de la naissance de Jean le Baptiste :**

**Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :**

- ho an'ny Fiangonana mba hinoany ny Tenin'Andriamanitra sy hanaikeny ny fahefany eo amin'ny fiainany ary ny mba hitomboany amin'izany – *pour l'Eglise afin qu'elle accorde la foi en la Parole de Dieu et qu'elle en accepte l'autorité dans sa vie mais aussi qu'elle croisse en cela*
- ho an'ny Mpitandrina mba haharitra amin'ny fanompoana araka ny Sitrapon'Andriamanitra izy ireo mba hahitany ny fitahiana izay apetraky ny Tompo aminy ka hahazoany hery avy amin'izany - *pour les pasteurs afin qu'ils soient persévérants dans le service conforme à la Volonté de Dieu, ce qui leur permettra de se rendre compte des marques de bénédiction que le Seigneur met dans leur vie et d'en être réconfortés*

**Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY**

**Hira (Cantique) 612, 1-2 : Ry Ray mpiaro lehibe :**

**FIZARANA 3 – PARTIE 3**

**Teksta 3 – Texte 3 : Lio. 1, 26-38 :**

26 Ary tamin'ny fahenim-bolana dia nirahin'Andriamanitra ny anjely Gabriela ho any an-tanàna anankiray any Galilia atao hoe Nazareta, 27 ho any amin'ny virijina anankiray izay voafofo ho vadin'ny lehilahy atao hoe Josefa, avy tamin'ny taranak'i Davida ; ary ny anaran'ny virijina dia Maria. 28 Ary nony niditra tao aminy ilay anjely, dia nanao hoe : « Arahaba ry ilay nohasoavina, ny Tompo momba anao ». 29 Ary taitra loatra izy noho ny teniny ka nieritreritra izay ho tokony ho hevitr'izany fiarahabana izany. 30 Ary hoy ilay anjely taminy : « Aza matahotra, ry Maria, fa efa nahita fitia tamin'Andriamanitra ianao. 31 Ary, indro, hitoe-jaza ianao ka hiteraka zazalahy, ary ny anarany dia hataonao hoe JESOSY. 32 Izy ho lehibe ka hatao hoe 'Zanaky ny Avo indrindra', ary Ny TOMPO Andriamaniny hanome Azy ny seza fiandrianan'i Davida rainy. 33 Ary hanjaka amin'ny taranak'i Jakoba mandrakizay Izy ary ny Fanjakany tsy hanam-pahataperana. 34 Ary hoy i Maria tamin'ilay anjely : « Hanao ahoana re no hahatanteraka izany, fa tsy mahalala lahy aho » ? 35 Ary ilay anjely namaly ka nanao taminy hoe : « Ny Fanahy Masina ho

tonga ao aminao, ary hisy herin'ny Avo indrindra hanaloka anao. Koa ny Masina Izay hateraka dia hatao hoe 'Zanak'Andriamanitra'. 36 Ary, indro, Elizabeta havanao dia efa mitoe-jaza koa na dia efa antitra aza, ary efa mandray enina izy izao, izay natao hoe 'momba'. 37 Fa tsy hisy tsy ho tanteraka ny Teny rehetra ataon'Andriamanitra ». 38 Dia hoy i Maria : « Inty ny ankizivavin'ny Tompo : aoka anie ho tonga amiko araka ny Teninao. Dia nandao azy ilay anjely ».

*26 Le sixième mois, l'ange Gabriel fut envoyé par Dieu dans une ville de Galilée, appelée Nazareth, 27 chez une vierge fiancée à un homme de la famille de David, appelé Joseph. Le nom de la vierge était Marie. 28 L'ange entra chez elle et dit : « Je te salue, toi à qui une grâce a été faite, le Seigneur est avec toi. [Tu es bénie parmi les femmes] ».* 29 Troublée par cette parole, Marie se demandait ce que pouvait signifier une telle salutation. 30 L'ange lui dit : « N'aie pas peur, Marie, car tu as trouvé grâce auprès de Dieu. 31 Voici que tu seras enceinte. Tu mettras au monde un fils et tu lui donneras le nom de Jésus. 32 Il sera grand et sera appelé Fils du Très-Haut, et le Seigneur Dieu lui donnera le trône de David, son ancêtre. 33 Il régnera sur la famille de Jacob éternellement, son règne n'aura pas de fin. ». 34 Marie dit à l'ange : « Comment cela se fera-t-il, puisque je n'ai pas de relations avec un homme » ? 35 L'ange lui répondit : « Le Saint-Esprit viendra sur toi et la puissance du Très-Haut te couvrira de son ombre. C'est pourquoi le saint enfant qui naîtra sera appelé 'Fils de Dieu'. 36 Voici qu'Elisabeth, ta parente, est elle aussi devenue enceinte d'un fils dans sa vieillesse. Celle que l'on appelait 'la stérile' est dans son sixième mois. 37 En effet, rien n'est impossible à Dieu ». 38 Marie dit : « Je suis la servante du Seigneur. Que ta parole s'accomplisse pour moi » ! Et l'ange la quitta.

### **Fanamarihana 3 – Commentaires 3 : Fampilazana an'i Maria ny hitondrany an'i Jesosy ao am-bohoka - annonce à Marie qu'elle va enfanter Jésus :**

#### **Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :**

- ho an'ny tenantsika mba handiniansika tena ny amin'ny toetran'ny finoantsika ka hifampidiniansika matetika amin'ny Tompo ary hanaikentsika ny Sitrapony, dia ny hanjakany amin'ny fiainantsika, araka ny vavaka fanaonsika hoe « ho tonga anie ny Fanjakanao » - *pour nous afin que chacun observe le caractère de sa foi et qu'il en réfère souvent au Seigneur pour accepter la Volonté de notre Seigneur qui est de régner dans notre vie, selon notre prière qui demande « que ta Volonté soit faite »*
- ho an'ny ankohonantsika mba tsy hisy ho very anjara fa samy hanaiky ny hanompo ny Tompo ny fianakaviana kristiana, hatramin'ny kely indrindra ka hatramin'ny lehibe indrindra, mba ho marina amin'ny ankohonantsika ny hoe « aoka ho tonga amiko araka ny teninao » - *pour notre famille afin que personne ne perde sa part mais que tous accèdent au service de Dieu, que ce soient les enfants ou les adultes, pour que « qu'il me soit fait selon ta parole » soit une réalité dans la vie de nos familles*

#### **Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY**

#### **Hira (Cantique) 39, 1-2 : Faingàna ry Mpanjaka :**

**Teksta – Texte : Isaia 7, 10-15 :**

10 Ary Ny TOMPO mbola niteny tamin'i Ahaza ihany ka nanao hoe : 11 Mangataha famantarana amin'Ny TOMPO Andriamanitrao : eny, mangataha na ho avy amin'ny lalina ambany, na ho avy amin'ny avo ambony. 12 Fa hoy i Ahaza : « Tsy hangataka aho, fa tsy haka fanahy Ny TOMPO ».

*10 L'Eternel dit encore à Achaz : 11 « Demande pour toi un signe à l'Eternel, ton Dieu ! Demande-le, que ce soit dans les plus extrêmes profondeurs ou les lieux les plus élevés ».* 12 Achaz répondit : « Je ne demanderai rien, je ne provoquerai pas l'Eternel ».

13 Dia hoy i Isaia : « Mihainoa àry, ny taranak'i Davida : Ataonareo ho zavatra kely foana moa ny hanasatra ny olona no dia hanasatra an'Andriamanitrao koa ianareo ? 14 Ary noho izany dia ny Tompo no hanome famantarana ho anareo: Indro, hanan'anaka ny virijina [Na : zazavavy] ka hiteraka zazalahy, ary ny anarany hataony hoe Imanoela [Na : Imanoela = Amintsika Andriamanitra]. 15 Rehefa mahalala handà ny ratsy sy hifidy ny tsara izy, Dia rononomandry sy tantely no ho fihinany.

*13 Esaïe dit alors : « Ecoutez donc, membres de la dynastie de David ! Est-ce trop peu pour vous de fatiguer les hommes, pour que vous abusiez encore de la patience de mon Dieu ? 14 Voilà pourquoi c'est le Seigneur, Lui-même, qui vous donnera un signe : la vierge sera enceinte, elle mettra au monde un fils et l'appellera Emmanuel. 15 Il se nourrira de lait caillé et de miel jusqu'à ce qu'il sache rejeter le mal et choisir le bien ».*

**Vavaka nampianarin'ny Tompo – Notre Père :**

Rainay ô, izay any an-danitra,  
Hohamasinina anie ny Anaranao,  
Ho tonga anie ny Fanjakanao,  
Hatao anie ny Sitraponao ety an-tany tahaka ny any an-danitra.  
Omeo anay anio izay hanina sahaza ho anay.  
Ary mamelà ny helokay tahaka ny namelanay izay meloka taminay.  
Dia aza mitondra anay ho amin'ny fakam-panahy fa manafaha anay amin'ny ratsy.  
Fa Anao ny Fanjakana sy ny Hery ary ny Voninahitra mandrakizay. Amen !

*Notre Père qui es aux cieux,  
Que ton Nom soit sanctifié,  
Que ton Règne vienne,  
Que ta Volonté soit faite sur la terre comme au ciel.  
Donne-nous aujourd'hui notre pain de ce jour.  
Pardonne-nous nos offenses comme nous pardonnons aussi à ceux qui nous ont offensés.  
Et ne nous soumetts pas à la tentation mais délivre-nous de mal.  
Car c'est à Toi qu'appartiennent le Règne, la Puissance et la Gloire, pour les siècles des siècles. Amen !*

**Tso-drano – Bénédiction :**

Hitahy anareo anie ny Tompo ka hiaro anareo !

*Que l'Eternel te bénisse, et qu'il te garde !*

Hampampiratra ny Tavany aminareo anie ny Tompo ka hiantra anareo !

*Que l'Eternel fasse luire sa Face sur toi, et qu'il t'accorde sa grâce !*

Hanandratra ny Tavany aminareo anie ny Tompo ka hanome anareo Fiadanana !

*Que l'Eternel tourne sa Face vers toi, et qu'il te donne la paix !*

**Fanirahana - Envoi :**

Voninahitra ho an'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina, izay hatramin'ny taloha indrindra ka ho mandrakizay, Amen ! Mandehàna amin'ny fiadànana, ka manompoa ny Tompo amin'ny fifaliana.

*Gloire soit au Dieu, Père, Fils et Saint-Esprit, depuis toujours et à jamais ! Amen ! Allez en paix et oeuvrez pour le Seigneur dans la joie !*

**Fiangonana (Assemblée) :** Isaorana anie Andriamanitra – *Nous remercions Dieu.* Amen !

**Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !**